4

# NY LAHATSORATRA MANAZAVA

## TANJONA

Mahafehy ny teknika fitrandrahana hevitra ao amin'ny « lahatsoratra manazava ».

## VONTOATIM-PAHALALANA

Ny antsoina hoe lahatsoratra manazava dia mampahafantatra toe-javatra. Hahazoana fahalalana vaovao ary mitarika na manao izay hahatakarana na hahafantarana bebe kokoa ny antsipirian-javatra.

Ireto avy ireo marika amantarana izany lahatsoratra manazava izany:

- teny na andian-teny mampiditra fanazavana: ny…moa, izany hoe, izao mantsy, ny tiana hambara dia, ny tiana holazaina dia, satria;
- teny milaza anton-javatra: nahatonga ny…, niteraka ny…, antony….;
- teny na andian-teny milaza voka-javatra: hany ka…, vokatr'izany…;
- fehezanteny mivadi-drafitra mba hanome lanja ny zavatra lazaina;
- fehezanteny lava, tokana na maro entina hanazavana ireo fifandraisan'ireo antsipirian-javatra betsaka na lafin-kevitra na lafin-javatra;
- fampiasana mari-piatoana:

• fononteny (fanampim-panazavana mifandraika amin'ny hevitra hazavaina);

• teboka roa: fanolorana na fitanisana lafim-panazavana maro samihafa;

• farango sosona: hampidirana teny na voambolana hohazavaina na teny hasongadina.

- fampiasana ny filazam-potoana ankehitriny: matoanteny na teny hafa amin'ny filazam-potoana ankehitriny

- fampiasana karazana mpisolo: mpisolo manondro na mpisolo toerana

- fampiasana mpampifandray: mpampiankina sy mpampitohy (mba hampiraisana ireo fehezan-kevitra maro mikendry fanazavana hatrany)

- fanovana endri-javatra: fanoharana mba hampazava bebe kokoa izay tiana hazavaina.

Amin'ny ankapobeny, ahitana drafitra maty paika toy izao ihany koa ny lahatsoratra manazava:

- fampidirana ny hevitra na ny fomba na ny toe-javatra hazavaina;

- famelabelarana anehoana amin'ny antsipiriany ny zavatra hazavaina;

- famaranana andravonana na amintinana ny fahalalana tiana hampitaina.

## Sahanasa 1



- Lazao izay hita eo amin'ny sary.
- Hazavao ny ataon'ny olona.

## Sahanasa 2

- **Lahatsoratra 1:**

*Ny kitay telo an-dalana*

Tany ambadik'Imanareza, hono, dia tsy nanan-trano hitoerana ny olombelona fa mbola tany an-dava-bato no nitoetra. Ary ity Rafotsibe kosa mba nieritreritra izay hitoerany ka nandrary tsihy vitrana hataony trano tataro. Dia tamy kosa ity Rangahy ka nitomany teo alatrano ka nitaraina hoe: "O, Rafotsibe ô! Aoka lahy aho hitoetra ato hitaizataiza anao sy hiara-mihary aminao". Fa nandà izy tamin'ny voalohany ka nanao hoe: "Izaho manan-trano itoerana, ka raha tsy ahy ny androatokom-pananana, dia tsy hanaiky ho vadinao aho". Dia neken-dRangahy ihany izany.

Fa nony taty aoriana kosa, dia rovitra ny tranon-dRafotsibe, satria tsihy ihany moa ka; fa Rangahy kosa efa nahavita trano bongo, ka nisaorany Rafotsibe. Dia mba nifona kosa ny vavy ka nanao hoe: "Mifon-jato mifona arivo aho, Rangahy, fa tsy mahafoy anao!". Nefa tsy nety ny lahy, raha tsy ho azy kosa ny androatokom-pananana. Dia nanaiky tsy satry Rafotsibe, satria efa osa ka tsy nahavita trano tahaka azy.

Izany, hono, no niandohan'ilay fiteny hoe: "Kitay telo an-dalana, ka ny roa alanon'ny lahy: ary ny iray alanon'ny vavy".

**Anganon'ny Ntaolo, Rév. L. DAHLE, tak.176.**

- **Lahatsoratra 2:**

*Ny ray aman-dreny*

Tsy ny olon-kanolo-bato mafana anao ireo, fa ny tena tia anao amin'ny fony rehetra. Ny lamosiny no manjoko, folaky ny nibaby anao; ny sandriny no lany hery, sasatry ny nitrotro anao; ny lohany no sola, niongo-bolo tsy fidiny amin'ny fiheverana andro aman'alina izay hahasoa anao. Ny androny rehetra, sy ny lasa ary ny mbola ho avy, dia tsy misy tontaliny afa-tsy ny nanasoavana sy mbola hanasoavana anao koa hatramin'ny farany. Ianao no soasoa sy bolangina toy izao, dia ireo olona ireo no lany fatotra amam-pondrana nanao ny ainy tsy ho zavatra. Ny dinitry ny tavany no zary ilo nahamandina anao; ary ny voan'ny fahasasarany dia manangana anao ho reharehany eo imason'ny velona rehetra. Efa nanatroka satro-boninahitra fito rantsana voaravaka vatosoa samihafa soratra ho anao izy, dia ianao no toy izao; koa satroka vodiharona sy lamba vorokitsay kosa ve no hasatrokao sy hatafinao azy amin'ny fotoana anantenany hiotazana am-pireharehana ny voan'ny voninahitra sy ny fiadanana toy izao? Ho sanatria anie izany!

**RAMBOANIAINA**

*Lazao ny sokajy misy ireo lahatsoratra roa ireo ary porofoy izany.

## Sahanasa 3

- **Lahatsoratra:**

*Ny fahalalam-pomba*

Ny fahalalam-pomba no antsoin'ny Tandrefana hoe: voninkazon'ny fiaraha-monina. Samy manana ny fombany rehefa mety ho firenena: kanefa na izany aza, iray ihany ny vontoatin'ny fahalalam-pomba fa ny fisehony ety ivelany no samy manana ny azy. Io vontoatiny io dia tsy inona fa ny fanajana, ny fitandroana ny voninahitry ny namana, ny tsy fiavonavonana: raha atao kapoka iray dia ny hatsaram-panahy rehetra no mahamamy ny fiaraha-monina.

**Régis RAJEMISA – RAOLISON.**

- Omeo ireo porofo hamantarana fa lahatsoratra manazava io